**Tsianjery:**

**«Ary Jesôsy nandeha eran'i Galilia ka nampianatra tao amin'ny synagogan'ny olona teo sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra tamin'ny olona.» - Matio 4:23**

SABATA VOALOHANY

# Ilay Dokotera "Manompo Amim-pitsikiana"

Nanao dia maika namakivaky ireo lalan-terin'ilay tanàna maloto i Dokotera Lee miaraka amin'ny kitapony mba hanampy mpifanolobodirindrina iray izay safotra nianjera tao an-tranony. Rehefa avy nibata ilay lehilahy nankeo am-pandriana sy nanome azy fanafody i Dokotera Lee dia lasa haingana. Niditra tao anaty fiarany izy ary nandeha avy hatrany tany amin'ny toerana fitaizana zaza kamboty antsoina hoe Sunshine mba hijery ireo zaza miisa 30 voan'ny tiberkilaozy. Tontolo andro nanasatra tokoa!

"Reraka be ianao izany, ry malala", hoy Rtoa Lee taminy. "Avia miala sasatra kely. Etsy hotroriko kely ny sorokao"

"Mahafinaritra erỳ izy izany» hoy Dokotera Lee, raha nitsotra teo ambony seza lava izy.

Tampotampoka teo dia injay fa nisy nandondòna mafy tao am-baravarana anoloana. Nipetraka i Dokotera Lee raha indro fa nampandrosoin-dRtoa Lee ireto mpivady tanora nitondra zazavavy kely iray. Niketrona be noho ny fanaintainana ilay zaza.

"Aza fady re, dokotera ô! marary mafy ity zanakay vavimatoa ity" hoy ny fitalahoan'ny rainy. "Tsy fantatray izay manjo azy"

Avy hatrany dia napetrak'i Dokotera Lee teo ambony latabatra fizahana ilay zazavavy marary ary nataony fizahana fatratra tamin'ny 'stethoscope' sady notsapainy ny kibony.

"Mila fandidiana haingana izy» hoy ny fanazavana tampoka nataon'ny dokotera. "Toa 'appendicite' ilay izy. Mihaona aminareo any amin'ny hôpitaly aho".

Vao maraim-be ny ampitson'iny, rehefa nandalo torimaso adiny dimy monja i Dokotera Lee dia nijanona tamin'ny fiara teo akaikin'ny hôpitaly mba hijery ilay zazavavy izay natory tamim-pilaminana taorian'ny fandidiana azy. Rehefa izany dia nijery ny famantaranandrony izy ary niteny irery nanao hoe: Tokony handeha haingana aho.

Eny, nisy fotoana manokana hafa hanaovana fanangonam-bola niandry an'ity dokotera be raharaha ity mba hanampy eo amin'ny fanentanana ny vahoaka amin'ny fanangonam-bola hividianana seza atosika ho an'ny ankizy sembana. Tia nanao asa fanompoana ny hafa Dokotera Lee. Na dia vizana sy trotraka aza izy, dia nanompo tamim-pitsikiana.

**Hoeritreretina**

- Tamin'ny fomba ahoana no nanaovan'i Dokotera Lee izay zavatra nolazain'i Jesôsy?
- Inona moa no tena dikan'ny hoe manompo ny hafa? Amin'ny taonanareo, azo atao ve izany?
- Inona no tombontsoa azonareo amin'ny fanompoana ny hafa izay mila fanampiana?

**Fampiharana**

- Manaova drafitra miaraka amin'ny ray aman-dreninareo na ny mpiambina ny tanànanareo ary manaova lisitra misy ny zavatra azonareo atao mba hanompoana sy hanampiana ny fiaraha-monina misy anareo.
- Manamboara karatra kely misy firarian-tsoa na vavaka ary omeo ny mambra iray ao am-piangonana izay mila fampaherezana toy izany.

## Lalaon-tsaina

Avereno amin'ny laoniny ireto teny milaza asa fanompoana ireto

(a) ______________________ saa yne 'yanimn oanfj

(b) ______________________ apamnmy yn azniyk irypenmirer

(d) ______________________ omeanm ksaoaf yn atrhamna

(e) ______________________ magyman ys vmiakvaa oh na'yn atrbentia

Valiny: (a) asa eny amin'ny fonja; (b) manampy ny ankizy mpireniry; (d) manome sakafo ny mahantra; (e) mamangy sy mivavaka ho an'ny beantitra

**Tsianjery:**

**«Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra izany rehetra izany.»**
**- 1 Kôr. 10:31**

ALAHADY

# Jeremy Be Torimaso

Mifohaza, ry Jeremy a! mifohaza ianao", hoy ny antsoantson'i Neny. "Miarena amin' izay fa ho tara fidirana any ampianarana eo indray ianao".

"Minitra roa fotsiny, aza fady e!", hoy ny fiangavian'i Jeremy nihodina teo am-pandriany.

Mila sintonina avy eo am-pandriany foana mandrakariva i Jeremy isa-maraina. Matetika izy no tsy mahatratra an'ilay fiaran'ny sekoly mpitondra mpianatra. Vao haingana ny mpampianatra azy no niantso an-telefaonina ny ray aman-dreniny nilaza fa matory mandritra ny minitra maromaro i Jeremy ao am-pianarana ary tsy mamerina ny enti-modiny. izy.

"Fa inona no mahazo anao, anaka?» hoy ny fanontanian'i Dada sy Neny tamim-pahalianana fatratra indray hariva. "Mila miresaka mihitsy isika"

"Hatramin'ny nahazoanao io solosainanao io dia tara be foana ianao vao matory» hoy i Neny tamin'ny feo feno alahelo.

"Mahita koa aho fa tsy mahatratra Sekoly Sabata mihitsy koa ianao" hoy i Dada liana fatratra koa.

"Miala tsiny, ry Dada, fa tena vizaka be aho dia tsy tafafoha» hoy i Jeremy niala tsiny.

"Mila mametra ny fotoana ampiasanao io solosaina io izahay manomboka anio, ry Jeremy`" hoy i Dada tamin'ny feo hentitra. "Mila matory aloha ianao ary miala sasatra bebe kokoa".

"Fantatrao moa fa tempolin'Andriamanitra ny tenanao?" hoy i Neny nanontany tamin'ny fomba hentitra.

"Inona no ifandraisan'izany amin'ny torimasoko?" hoy ny fanontanian' i Jeremy.

"Be dia be mihitsy!" hoy i Neny nihiaka.

"Voalaza ao amin'ny Baiboly fa Andriamanitra no namorona antsika, ka dia tsy maintsy manome voninahitra Azy isika amin'ny fotoanantsika sy ny herintsika. Rehefa tsy manana torimaso mandritra ny ora valo isika dia tsy afaka hiala sasatra araka ny tokony ho izy ny vatantsika mba hamerina amin'ny laoniny ny fiasany. Very ny fifantohantsika, mahatsiaro reraka isika, ary very ny fahalianana amin-javatra maro, anisan'izany ny zavatra ara-panahy» hoy i Neny nanohy.

"Tsarovy fa miasa amin'ny fomba roa ange ilay izy e! raha manana finoana matanjaka an'Andriamanitra ianao ka matanjaka be koa ny fiainanao ara-panahy dia salama kokoa ara-pihetseham-po ianao", hoy ny nanampin'i Dada tamim-pitsikiana.

"Alaivo an-tsaina tokoa ange, ry Dada sy Neny, fa tsy mianatra ara-dalàna ny leson'ny Sekoly Sabata aho sady tsy manatrika ny kilasin'ny Sekoly Sabata" hoy i Jeremy nanondrika ny lohany.

"Fantatrao moa fa faly i Satana rehefa tsy mikarakara ny vatanao ianao satria tsy hanana hery ho an'ny tenanao ianao ary tsy hanana fotoana ho an'i Jesôsy?" hoy i Neny nanazava tamim-pitiavana.

"Mifona aho, ry Neny a! Hivavaka ho ahy ve ianareo mba hanomezan'i Jesôsy ahy hery hiaina amin'ny fomba mahasalama kokoa – fa tsy hanimba ny vatako izay tempoly?" hoy ny fiangavian'i Jeremy.

"Ndao àry hataontsika avy hatrany izany» hoy i Dada, sady nandohalika ny fianakaviana.

**Hoeritreretina**

- Amin'ny fomba ahoana no mampisy akony ny fiainantsika feno fahasalamana eo amin'ny fitiavantsika an'i Jesôsy?
- Inona no ohatra ao amin'ny Baiboly azonareo omena izay mampifandray ny fahazarana mahasalama amin'ny finoana mitombo sy fanomezana voninahitra anÁndriamanitra? Mitadiava an-dalan-teny ao amin'ny Baiboly.fanompoana ny hafa izay mila fanampiana?

**Fampiharana**

- Manamboara karatra kely iray hasiana haingony tsara tarehy. Soraty eo izay zavatra kasainao hatao mba hanampy anao hanana fotoana manokana miaraka amin'i Jesôsy, ary asio sonia izany. Apetraho eo akaikin'ny fandrianao.
- Manamboara karatra kely misy firarian-tsoa na vavaka ary omeo ny mambra iray ao am-piangonana izay mila fampaherezana toy izany.

## Lalaon-tsaina

Miainga amin'ity lohahevitra eto ambany ity dia mamoròna teny maro araka izay fantatrao, izay mampiseho fa ianao dia mpianantr'i Jesôsy amin'ny alalan'ny fananana fahasalamana tsara.

**TOE-PANAHY TSARA SY FAHASALAMANA**

Valiny mety ho azo: tsara fanahy, mahay, namana tsara, sahy, mora fanahy, salama, manoa

**Tsianjery:**

«Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.» - Mat. 5:16

ALATSINAINY

# Iraka Tsy Manasatra!

O! ry tanora! Mba azonareo rehetra atao ve ny manampy anay anio ao amin'ny toeram-pialofana ho an'ny traboina?" hoy ny fanontanian-dRtoa Calkins sady nanangona sakafo avy ao amin'ny trano fitehirizan'ny fiangonana.

"Eny, tompoko, inona no azonay atao" hoy ny valin-tenin'ny dimy tamin'izy ireo.

"Ilainay daholo ny fanampiana izay mety ho azonay mba hanomezana sakafo sy hikarakarana ny fahadiovan'ireo traboina an-jatony maro vokatry ny tondra-drano. Sady misy zaza marobe mila olona hitrotro azy!" hoy ny fanazavan-dRtoa Calkins.

"Mei sy Jerry ary Jose sy Zaka, ary izay rehetra te hamonjy fanahy, andao handeha", hoy ny baikon'ny filohan'ny foibe mpanao asa soa ho an'ny fiaraha-monina teo amin'ny faritra manodidina.

Tao amin'ilay toeram-pialofana dia samy variana nandray anjara ny tsirairay tamin'ny fizaràna zavatra ho an'ny tanora sy antitra, hany ka tsy tsaroan'izy ireo hoe naharitra ora firy ny nijoroany.

"Ao re! mihinàna lasopy mafana sy mofo mba hahazo hafanana e!" hoy i Zaka nitsiky sady tsy nitsahatra nanolotra vilia ho an'ireo olona an-jatony nila sakafo tamin'izay fotoana izay.

"Etsy hampiako ianao, Madama. Mila akanjo maina ianao", hoy i Mei tamin'ny renim-pianakaviana iray nanan-janaka kely anankiroa namikitra tamin'ny feny.

Ireo tanora nanolo-tena an-tsitrapo ireo dia niasa nandritra ny telo andro manaraka tao amin'ny toeram-pialofan'ny traboina, nanao izay azony natao mba hanampiana ireo tratry ny tondra-drano. Iray volana taorian'izay i Mei, Jerry, Jose ary Zaka sy ny hafa koa dia nanomboka nanangana Klioban'ny Baiboly ho an'ny zanak'ireo tra-boina.

I Prema sy Paula kosa dia nanampy indroa isankerinandro tamin'ny prôgrama fikarakarana natao tao am-piangonana aorian'ny ora fianarana. Maro koa ireo mambran'ny fiangonana nanolo-tena an-tsitrapo hanao fitsidihana fanaraha-maso an'ireo fianakaviana niharam-boina ireo.

"Kanefa anie, ry Pasitora Kim, heveriko fa efa nanao zavatra betsaka isika mba hanampiana olona be dia be niharam-boina vokatry ny tondra-drano e! Ka nahoana indray no mbola asiana klioba na fikambanana ary fitsidihana toy izao?" hoy ny fanontanian'i Mei.

"Eny, ry Mei, i Jesôsy dia nampianatra antsika mba hanompo ny hafa, kanefa ny fiahiantsika dia tokony hihoatra ny fanomezana fahafaham-po izay zavatra ilain'ny olona ara-nofo" hoy Pasitora Kim tamim-pitsikiana. Tsy maintsy itarintsika hatrany amin'ny toetoetra ara-panahy misy azy ireo ny fitiavantsika sy ny asa fanompoana ataontsika."

"Eny tokoa! ny tanjontsika dia ny haneho amin'ireo ankizy ireo hoe iza moa i Jesôsy ary amin'ny fomba ahoana no azony anovana sy anampiana azy ireo hiaina fiainana tsaratsara kokoa" hoy Rtoa Calkins nanohy izay voalaza teo.

"Tsarovy fa rehefa manao asa fanompoana ho an'ny hafa sy manampy azy ireo isika dia tiantsika ny hanatratra ny maha-izy azy manontolo an'ilay olona! Lehibe kokoa ny izy manontolo noho ny ampahany fotsiny!" hoy Pasitora.

**Hoeritreretina**

- Inona no fihaikana hitanao rehefa miezaka hanao asa fanompoana sy hanatratra ny maha-izy manontolo ilay olona ianao?
- Azonao fantarina avy amin'ny asa fanompona nataon'i Jesôsy fony tetỳ an-tany ve ny fomba nanatrarany ny maha-izy manontolo ireo olona nampiany?
- Tsy mora kokoa ve ny manome vola fotsiny hanampiana ireo sahirana? Nahoana? Raha tsia, nahoana?


**Fampiharana**

- Manaova drafitra miaraka amin'ny ray aman-dreninareo na ny mpampianatra momba ny fandaharan'asa iray izay azonareo atao hanampiana mba hanompoana ny hafa sy hanatrarana ny maha-izy azy manontolo.
- Mampiasà karine hitanana an-tsoratra ny vavaka ho an'ny namana mpiara-mianatra iray izay mbola tsy mahalala an'i Jesôsy. Rehefa afaka 10 andro dia andramo asaina izy hanatrika fandaharana iray mifandray amin'ny fiangonana.

## Lalaon-tsaina

Ampiasao ity tabilao ity ka ampiaraho ny tarehimarika sy ny kisarisary mba hahafantaranao ny andinin-tSoratra Masina eto ambany.

| | 1 | 2 | 3 | 4 |
|---|---|---|---|---|
| ● (manga) | K | J | M | Z |
| ♥ | R | I | L | H |
| ⬢ | N | B | F | E |
| ■ | A | G | O | P |



Valiny: Efa nahazo maimaimpoana hianareo, koa manomeza maimaimpoana.

**Tsianjery:**

**«Ary Daniela ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany tamin'ny anjara-hanina avy tamin'ny hanin'ny mpanjaka, na tamin'ny divay izay fisotrony; ka dia nangataka tamin' ny lehiben'ny tandapa izy mba havelany tsy handoto ny tenany.» - Dan. 1:8**

TALATA

# Fahasalamana amin'ny Fihinana sy Fisotro

E! Tianao ve ny hiaraka aminay rehefa mirava ny sekoly hihinana kely 'sandwich' ao amin'ny toeram-pisakafoana McDonalds?" hoy ny fanontanian'i Erika tamim-pientanentanana.

"Tsia, tsy dia mazoto amin'izany aho" hoy i Yuko nandà tamim-pahalalampomba feno.

"Fa nahoana kosa e? Sady matsiro ange ilay izy no mora e!" hoy i Erika tamim-pitsikiana sady nanao pi-maso. "E! ry tovovavy isany a! manaiky ve ianareo?"

"Tsy fantatrareo ve fa tsy tsara ho anareo ange izany e?" hoy i Yuko gaga dia gaga. "Jereo fotsiny ange ny menaka sy tavy ao anaty 'sandwich' e!"

"Aza dia miseho ho sarotiny amin'izay fahasalamana eo e!» hoy i Erika namaly. "Tsy hahafaty anao akory izay 'sandwich' iray!"

"Nilaza i Neninay fara ha mihinana zavatra ara-pahasalamana dia mihamatanjaka sy sara tarehy tahaka an'i Daniela. Mbola misy zavatra hafa koa: afaka ho tonga mpianatra mahatoky ho an'i Jesôsy koa isika ary hijoro vavolombelona ho Azy» hoy Yuko.

"Izany ve no mahatonga anao mahazo naoty tsara foana sy diplaoma?", hoy Erika nanesoeso.

"Ekeko tokoa fa ny bokin'ny siansa ianarantsika ange milaza hoe tokony hihinana voankazo sy zava-maniry isika e!", hoy i Kylie nitsatsaingoka.

"He! nahoana tokoa moa raha mihinana voankazo na salady isika e?» hoy ny soso-kevitr'i Yuko. "Mahafntatra toerana lehibe tsara mpanao an'izany aho".

"Mahamonamonaina izany!", hoy Erika nisento. "Azonareo antoka ve, ry tovovavy isany ireto, fa tianareo izany?"

"Eny e! andao mba hanandrana ny ho salama e! Andao hihinana voankazo sy salady!", hoy ny firedon'ireo ankizivavy rehetra.

**Hoeritreretina**

- Mitadiava andalan-teny iray na roa ao amin'ny Baiboly izay manizingizina ny maha-zava-dehibe ny hananana vatana salama. Amin'ny fomba ahoana no tokony hikarakaranao ny vatanao?
- Inona no ambaran'ny Sal. 139:13,14 aminao ny amin'ny fomba namoronana anao? Moa tsy milaza ny amin'ny fomba tokony hanombananao ny tenanao ve izany?

**Fampiharana**

- Manomàna nahandro misy voankazo sy salady ary zarao amin'ny raimandreninao sy ny namanao.
- Manaova tabilao maneho ny tombam-bidy ara-tsakafon'ny voankazo sy legioma tianao indrindra

## Lalaon-tsaina

Araho ny toromarika mba hahafantaranao ny toeran'ny litera tsirairay avy ato anatin'ity andian-teny ity. Milaza zavatra manokana amintsika izany fa ny tenantsika dia manan-danja amin'Andriamanitra.

| | | |
|---|---|---|
| A | F | T |
| D | E | L |
| M | I | P |
| R | O | N |

| ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Avaratry ny L | Atsimon' ny F | Andrefan' ny I | Atsinanan' ny I | Atsinanan' ny R | Avaratry ny P | Atsimon' ny E | Atsinanan' ny O |

| ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ | ___ |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Avaratry ny D | Atsimon' ny P | Andrefan' ny E | Atsimon' ny M | Atsimon' ny E | Andrefan' ny F | Atsimon' ny D | Avaratry ny D | Atsinanan' ny O | Avaratry ny O | Atsinanan' ny F | Atsimon' ny M | Andrefan' ny F |

Valiny: Tempolin'Andriamanitra

**Tsianjery:**
«Ny fo ravoravo mahasalama tsara; Fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana.- Ohab. 17:22

ALAROBIA

# Maryann Falifaly

Manao ahoana i Jenny? Tsara be ny andro androny e?» hoy i MaryAnn tamim-pitsikitsikiana raha namoha ny lambam-baravarankely izy.

"Andro mahasorena anankiray indray. Inona izao no mba zavatra hahasambatra eo?» hoy i Jenny ningononongonona sady niketrona.

"Afaka mifaly hatrany ao amin'ny Tompo isika noho ny androm-pahavelomana anankiray, noho ny tendrombohitra mahafinaritra hitan'ny masontsika. Dia ahoana koa ny amin'ny namana tena tiantsika?» hoy i MaryAnn tamim-pifaliana.

"Te hizara aminao ny Isaià 43:2 aho. Andriamanitra dia nampanantena fa homba antsika na dia ao anatin'ny fotoan-tsarotra aza", hoy i MaryAnn tamim-pahatokiana fatratra.

Tsitapitapitr'izay dia lasa nankany amin'ny efitranon'i Carlos i MaryAnn mipetraka eo ambony seza atosika mba hanome fahazavana ny andron'io olona io amin'ny alalan'ny teny fikasana ao amin'ny Baiboly sy ny vavaka.

"Misaotra betsaka, MaryAnn – tena manampy ahy isan'andro ho afaka hamakivakivaky ny tontolo andro ianao", hoy i Carlos nitsiky tamim-pankasitrahana feno.

Veivety taorian'izay dia tafaangona tao amin'ny efitrano afovoany ny olona rehetra tao amin'ny toeram-pitsaboana mba hanao ny raharaha fanao isa-maraina, miaraka amin'i MaryAnn mitarika azy ireo amin'ny alalan'ny hira falifaly.

"Mba lazao ahy, ry MaryAnn, inona no mahatonga anao ho falifaly mandrakariva? Amin'io aretin-dohalikao io, ny fanoloana ny lohalikao, ny olana momba ny fonao, ny 'allergie' sy ny olana maro hafa koa, amin'ny fomba ahoana no mahatonga anao ho feno fankasitrahana sy tsiky mandrakariva kanefa dia marary ny vatanao iray manontolo?» hoy ny fanontanian'i Carlos.

"Rehefa falifaly aho miaina ny fotoana rehetra isan'andro dia velona kokoa aho. Mihatsara ny fahasalamako. Mba fantatrareo moa fa ny fikarohana natao dia manambara fa ny toetra falifaly sy ny fahatokiana an'i Jesôsy isan'andro dia mahatonga antsika ho afaka hiatrika sy hisahana bebe kokoa ny aretina sy ny tsy fahasalamana?"

Ny toe-tsaina mijery ny lafi-tsaran-javatra dia midika ho finoanao ny tenanao, fanekena ny zavatra mitranga na toy inona na toy inona ary fianarana mba hampiasa izay zavatra mitranga hoentina hitomboana sy hanampiana ny hafa. Kely kokoa ny rarintsaina mahazo anao, ary ny fihomehezana betsaka dia fanafody tsara indrindra!" hoy i MaryAnn tamim-pientanam-po fatratra.

Nanohy nampifalifaly ny hafa i MaryAnn ary nanao asa fanompoana ireo marary tao amin'ny toeram-pitsabon nandritra ny taona maro. Marina tokoa fa ny toe-tsainy mijery ny lafi-tsaran-javatra dia notsarovan'ny maro izay nandray fitahiana avy taminy tamin'ny fo feno fitiavana.

**Hoeritreretina**

- Ianaro indray ny Ohabolana 17:22 ary lazao ny antony mahatonga ny fo falifaly ho fanafody tsara indrindra.
- Amin'ny fomba ahoana no ahazoanao mamolavola toe-tsaina mijery ny lafi-tsaran-javatra?

**Fampiharana**

- Mitadiava namana anankiroa azonao ampifaliana.
- Mitadiava sary mandraiki-tena misy tsiky na manaova sary; omeo izay olona mifanena aminao hitanao fa toa malahelo sy tsy dia falifaly loatra. Ilazao izy ireo mba hatoky an'i Jesôsy.



**Tsianjery:**

**«Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany.» - Lio. 10:1**

ALAKAMISY

# Fijoroana ho Vavolombelona Tsiroaroa

Nihazakazaka nody haingana avy any an-tsekoly i An-Na sy Cheng-Chi mba hametraka ny kitapony. Fotoana indrindra tamin'izay mba hizaràna ny hafatry ny filazantsara tamin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy. Eny, ireto mpinamana anankiroa tsy nifankafoy ireto dia nanaovan'ny pasitoran'ny fiangonany fihaikana mba hitory an'i Jesôsy amin'ny tanàna akaiky azy ireo.

“Haingana, ry An-Na, andao handeha dieny tsy mbola mirotsaka ny orana!» hoy i Cheng-Chi.

“Mahandrasa moa, ry namako! Efa nitondra trakta sy boky hozaraina ve ianao?» hoy ny fanontanian'i An-Na nientanentana.

“Eny e! efa nitondra aho. Aoka aloha hivavaka alohan'ny hiaingana. Toa matahotra izany aho, ka mila an'i Jesôsy hanampy antsika hiteny amim-pahasahiana isika“ hoy ny soso-kevitr'i Cheng-Chi.

Vetivety dia tonga teo amin'ny trano voalohany erỳ amin'ny faran'ny lalana izy roavavy. Nanindry ny ‘sonnerie' i Cheng-Chi, ary indro vehivavy lehibe iray namoha ny varavarana.

“Inona no tadiavinareo? Raha hivarotra zavatra amiko ianareo dia tsy mila na inona na inona aho?» hoy ilay ramatoa tamin-katezerana.

“Tsia, tompoko, tsy mivarotra na inona na inona izahay» hoy i Cheng-Chi tamim-pitsikiana. “Mba te hanome boky anao maimaimpoana izahay ary hizara an'i Jesôsy aminao“.

“Mba afaka manome anay minitra roa monja amin'ny fotoananao ve ianao, ry Madama?» hoy ny fanontanian'i Cheng-Chi amin'ny maso manjelanjelatra.

“Eny àry e! ataovy haingana fa mikarakara sakafo hariva aho izao”, hoy ilay vehivavy tamim-pitsikiana. “Nahoana moa raha mandroso ianareo roavavy e?”

“Fantatrao moa fa tia anao i Jesôsy? Tonga mba ho faty ho anao sy ho ahy Izy. Jereo ange ity taratasy kely ity e!» hoy i Cheng-Chi nanohy ny teniny sady nandrovitra ilay taratasy mandrapahatonga azy hanana endrika hazo fijaliana.

“Tsarovy fa afaka mankany an-tranon'Andriamanitra any an-danitra isika amin'ny finoana irery ihany an'i Jesôsy Izay maty teo amin'ny hazo fijaliana ho antsika”, hoy An-Na toy ny namerina izay efa voalaza teo.

“Tantara mahafinaritra izany, ry izy roavavy!”, hoy ny navalin'ilay ramatoa tamin-kanam-po. “Misaotra anareo nizara izany tamiko. Misaotra anareo ny amin'ity boky maimaimpoana ity. Hiezaka hamaky azy aho mba hahitako izay zavatra ambarany manontolo.”

“Hotahin'Andriamanitra e!”, hoy i Cheng-Chi sy An-Na nanofahofa tanana tamim-pifaliana raha nandeha ho ao amin'ny trano manaraka izy ireo hizara ny tantaran'ny filazantsara tamin'ny mpifanila-bodirindrina iray hafa.

**Hoeritreretina**


- Nahoana moa araka ny fihevitrareo no manampy be dia be tokoa ny miaraka tsiroaroa amin'ny fizaràna/fitoriana ny filazantsara? Afaka mandeha irery ve hianareo?
- Moa ve zavatra tena sarotra tokoa ny fizaràna/fitoriana ny filazantsara ao an-tanàn-dehibe? Raha eny, nahoana? Raha tsia, nahoana?

**Fampitarana**

- Miaraha amin'ny namana tsara anankiray ary manaova drafitra miaraka mba hamantatra ireo toerana na olona tianareo hizaràna / hitoriana ny filazantsara.

## Lalaon-tsaina

### Fitaovana hoentina mizara an'i Jesôsy




1. Mieritrereta toerana mahafinaritra iray. Lavitra dia lavitra tokoa io toerana io ka na dia ny fiaramanidina aza tsy afaka ny hitondra anao ho any. (Sary 1: Aforeto mankeo amin'ny AD ny sakany ambony AB.)
2. Io toerana io dia ny fonenan'Andriamanitra izay nampanantenainy fa hitondrany antsika indray andro any. (Sary 2: Aforeto mankeo amin'ny F ny tendro A mba hanome anao ny sary 3.)
3. Tena lavitra be tokoa ilay fonenan'Andriamanitra ka na dia ny fisidinana amin'ny bala afomanga aza tsy hahatonga anao ho any. (Sary 3: Aforeto mankeo amin'ny FA ny BD mba hanome ny sary 4.)
4. Fomba tokana ihany no hahazoantsika sy ianao tonga sy monina any amin'izany fonenana mahafinaritra izany: manaiky an'i Jesôsy, izay maty ho antsika teo amin'ny hazo fijaliana ka manaraka Azy. Izay ihany no fomba hahatongavanao any amin'io fonenana manokana any an-danitra io. (Sary 4: Aforeto mankeo amin'ny E ny BDFA mba hanome ny sary 5.)
5. Hetezo hizara roa ny Sary 5 ka velaro avy eo mba haneho ny sarin'ny hazo fijaliana.

## Tsianjery:

**Ary hotorina amin' izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany." - Mat. 24:14**

ZOMA

# Ny Filazantsara amin'ny Alalan'ny Kiraro

Ry tanora malala, amin'ity volana ity dia handray anjara amina tetik'asa lehibe iray isika, hoy Ramose Salazara tamin-kafanam-po.

Inona no hataontsika? hoy ny fanontanian'i Carlos.

- Manomboka izao ary mandritra ny sabata efatra, dia hizara boky kely miaraka amin'ny boky Hery Mifanandrina isika amin'ny tokantrano rehetra eto amin'ny tanànan'i Buenos Aires, hoy ny fanazavan-dRamose Salazar.

- Lava loatra izany herinandro efatra izany a! Fa maninona isika no manao izany? Hoy i Yesely.

- Moa va tsy nandidy antsika i Jesôsy ho any amin'izao tontolo izao, hitory ny filazantsara? hoy ny fanontanian'i Paulos.

- Marina ny voalazanao, ry Paulos? Mbola maro ny olona tsy nandre mihitsy ny anaran'i Jesôsy, hoy ny fanazavan-dRamose Salazar. Izany no antony andraisantsika anjara amin'ity ezaka ity.

- Tsara loatra! Te hizara ny momba an'i Jesôsy aho, hoy ny famalin'i Belchus tamin-kafanam-po. Haka boky 10 aho.

- Izaho handray 15! hoy i Jemima.

Ny folakandron'io, dia nisy andiana tanora mavitrika 20 nitangorona teo amin'ny toerana fametrahana fiaran'ny fiangonana, vonona ny hivoaka hanatratra ity tanàn-dehiben'i Buenos Aires ity, amin'ny alalan'ny boky kely ara-pilazantsara sy ny boky hafa. Vonona izy ireo hitety ny lalambe rehetra, hanatratra izao tontolo izao ho an'i Jesôsy!

- O! Tena reraka loatra izahay! hoy ny tenin'ireto tanora, sady nipetraka izy ireo rehefa avy nitety ny lalana teny rehetra teny, nandritra ny ora maro.

- Marina fa reraka isika, hoy Ramose Salazar, sady nitsiky izy. Kanefa moa tsy fantatrareo va fa ianareo no filazantsaran'i Jesôsy amin'ny kiraro? Mbola tsara lavitra noho ny toriteny izany!

**Hoeritreretina**

- Nahoana i Jesôsy no niteny tamin'ilay lehilahy azon'ny demonia vao nositraniny hoe mandehana mody any an-tranonao fa tsy navelany nanaraka azy izy? maha-izy manontolo ireo olona nampiany?
- Mitadiava fomba roa hanatrarana ireo iray kilasy aminao sy ny namanao ary ireo mpiara-monina aminao, amin'ny alalan'ny hafatry ny filazantsara.

**Fampiharana**

- Misafidiana boky 2 na boky kely azonao zaraina amin'ny namanao na ny iray kilasy aminao.
- Manaova karatra azonao zaraina amin'ny olona iray tsy mahafantatra an'i Jesôsy;

## Lalaon-tsaina

Fantaro ny hafatra eto ambany izay mikasika ny fitoriana ny filazantsara.
Ataovy àry ny asamarika ho fanampiana anao.

_ _ _ _ _ _ _
13 77 19 13 39 13 27

_ _ _ _   _ _   _ _ _ _
13 77 82 91   91 44   25 13 36 13

_ _ _ _   _ _ _ _ _ _   _
82 80 13 44   91 13 41 13 27 91   82

_ _ _ _ _ _   _ _ _ _ _ _ _.
63 79 9 27 9 44   41 13 77 82 91 13 27

| | |
|---|---|
| A = | 12+1 |
| B = | 20-1 |
| E = | 79 |
| F = | S+O |
| H = | 21+4 |
| I = | 71+11 |
| J = | Y+B |
| M = | 84-7 |
| N = | 91 |
| O = | 35-8 |
| R = | 52-13 |
| S = | 9 |
| T = | 63-22 |
| Y = | 44 |
| Z = | 90-10 |

Valiny: Ambarao amin'ny hafa izay nataon'i Jesôsy taminao.

**Tsianjery:**

**Ary hoy ny tompo tamin'ilay mpanompony: Mandehana ho eny amin'ny làlambe sy ny sisim-boly, ka tereo ny olona hiditra, mba ho feno ny tranoko.» - Lio. 14.23**

SABATA FARANY

# Dadabe Adé

Faingàna isika ry Abassi sy Damissi ary Halima a! Hoy i Dadabe Adé tamin'izy telo mianadahy. Tsy maintsy fenoina ireto haron-tsakafo ireto!

Efa ho vita, ry Dadabe a! hoy izy telo mianadahy, niaranamaly.

Tia manampy ny olona sahirana eo amin'ny manodidina azy i Dadabe Adé. Manampy azy ireo amin'ny vidim-panafody izy, mitondra sakafo ho an'ireo noana, mizara kilalao ho an'ny ankizy, ary mamela ihany koa ireo tsy manan-kialofana hatory ao ambadiky ny tranony.

Rehefa tonga ny andro fety, dia manomana haronkely misy sakafo ho an'ireo fianakaviana ao amin'ny tanàna faran'izay mahantra eo amin'ny tanàn-dehibe misy azy izy. Amin'ity taona ity dia tsy anavahana na iza na iza ny fanomezana omeny.

- Mety tsara ireto, rankizy a! Efa vonona ve ny adiresy? hoy ny fanontanian'i Dadabe Ade.

- Eny Dadabe a! Aza manahy ianao! hoy ny navalin'izy telo mianadahy. Dia niara-nandeha avokoa izy rehetra hanatanteraka ny fizaràna.

- Manao ahoana Madama Mfumo! Ity misy harona misy sakafo ho anao! hoy i Abassi tamin'ilay Ramatoa namoha ny varavarana.

- Misaotra betsaka! Hoy Madama Mfumo, sady nitsiky izy. Amin'ny fomba ahoana no ahazoako mamaly izao rankizy? Afaka hisakafo ny zanako anio!

- Tsy mila mamaly anay ianao tsy akory! Eto foana izahay, vonona hanampy anao! hoy i Dadabe namaly tamim-pahatsorana.

Nahatsiaro hafaliana tao am-po izy efa-mianaka rehefa nanohy ny fitetezana tokantrano sy nizara tamin'ny hafa ireo fitahiana marobe noraisin'izy ireo. Vantany vao vita ny fizaràna, dia nipetraka nisotro rano ry zareo.

- Dadabe ô! Fa maninona no manao izao ianao isan-taona? hoy i Halima nanontany.

- Dia ahoana raha tsy manam-bola ianao? hoy i Damissi.

- Rankizy malala… Nandray fitahiana mitafotafo tamin'i Jesôsy isika, hoy i Dadabe Ade. Kanefa tsarovy fa rehefa liana ny amin'ny hafa isika, dia afaka manampy azy ireo hahafantatra an'i Jesôsy. Izy no loharanon'ny fitahiana rehetra.

- Marina ny anao, ry Dadabe! hoy ny antsoantson'Halima. Mahatsiaro fahasambarana tokoa aho rehefa mizara ireny sakafo ireny. Te hanaraka izay asain'i Jesôsy hataontsika aho!

**Hoeritreretina**

- Araka ny hevitrao, nahoana i Jesôsy no mangataka antsika hanampy ireo izay mila fanampiana?
- Impiry isan'andro (isan-kerinandro, isam-bolana…) ianao no tokony hanampy ary manao ahoana ny habetsaky ny fanampianao? Moa va zavatra ara-panahy ve no azonao anampiana?

**Fampiharana**

- Mitanisà zavatra iray na roa azonao atao matetika hahafahanao manampy ireo olona manodidina anao izay miaina amin' ny tsy fahampiana.

## Lalaon-tsaina

Avereno ho tokana ihany ireo litera mitovy kanefa miaraka tsiroaroa ato anatin'ity fanambaràna ity. Apetraho eny amin'ny tokony hisy azy ihany koa ny elanelana rehetra. Ho hitanao ao ny toro hevitr' i Ellen White ao amin'ny boky: "Tanamasoandron' ny Fahasalamana" (t. 87) mikasika ny fitaomana ireo olona eo amin'ny manodidina antsika.

Tssymmaiinttsyyvoonnjjennaanyymahhanttrra,kkaaraakarraiinnanyymmarraaryy,aamppahheerrezziinannyymmaalaahhellossyynnyffaddiiraannoovvanna,aammppiiaannarrinnaanyykkellyyffahallaalannaa,ttoorrooannkkeevvittrranyyttssyaammppyyffannanddrrammaanna.Ttookkonyyhhiitoomaannymmiiarrakkaammiin'iirreeoiizzayymiittoommannyiissikkaa,aarryyhiiffallyymmiiarrakkaammiinn'iizzaymmiiffaallyy.

Valiny: "Tsy maintsy vonjena ny mahantra, karakaraina ny marary ampaherezina ny malahelo sy ny fadiranovana, ampianarina ny kely fahalalana, oroan-kevitra ny tsy ampy fanandramana. Tokony hitomany miaraka amin' ireo izay mitomany isika, ary hifaly miaraka amin'izay mifaly."